# Gazetiko 25 TAONA

FIFANINANANA TONONKALO - HISY LOKA HOZARAINA 3

MAHANORO 4

# SAIKA HAMELY SABATRA POLISY MATY VOATIFITRA ILAY JIOLAHY


Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7518 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 11 martsa 2023


MARINA IZANY ! 7

## MITERAKA RESABE !

TSAROAKO ILAY... 2

ANDRÉ (MAMY ANDY LALA)



## KOTSAN'NY ORANA MANDRA-MARAINA TENY MAHAMASINA

MINISITRA ASSOUMACOU BÉATRICE 8

# "TSY MIKATONA VONTOVORONA, AFAKA MIPE-TRAKA AMIN'NY TRANONY NY MPIANATRA"



VIDIN'NY SOLITANY 8



## HANATSAHATRA NY FANAM-PIANA NY FANJAKANA

MALAGASY RUGBY 3

## 6 NY MPIKAMBANA VAO-VAO AO AMIN'NY KOMITY MPANATANTERAKA







## Tsaroako ilay...

André (Mamy Andy Lala)

# Kotsan'ny orana mandra-maraina teny Mahamasina

*André. Filoha mpanorina sady mpamoron-kira, mpihira, mpitendry ao amin'ny tarika Mamy Andy Lala. Izy no Andy fa ireo andriambavilanitra nanampy azy no Mamy sy Lala. Mankalaza ny 45 taona niorenany ny tarika ankehitriny. Efa tsy eo intsony i Mamy sy Lala fa efa niova saingy notazoniny ihany ny anarany. Maro ny hetsika hanamarihany izany, fa izao aloha hitantara ny fahatsiarovany izy :*

**Nilalao kalesy dia naratra**

Hatramin'ny fahazazany dia tsy be namana loatra i André na i Andy. Teo Mahamasina no nahalehibe azy, ary mbola eo izy hatramin'izao. Nilalao toa ny ankizy rehetra izy, nanao tsikonokonona, manao kisarisary trano na ankizy vavy ireny no tena tiany, nilalao kanety, fa tamin'ny filalaovana kalesy no tena nanamarika azy. Misy fidinana be akaikin'ny tanana fonenany ka amin'iny no mitaingina kalesy izy sy ny namany. Tsy mbola nahay nanamboatra kalesy izy tamin' izany, fa mijapy ireo manana. Indray andro anefa, nianjera mafy izy roa lahy raha nandeha mafy nandeha ny fidinana. Naratra mafy teo amin'ny feny izy, ka efa ela ihany vao sitrana. Soa ihany fa dokotera ny zokiny ka tao an-trano ihany no notsaboina dia sitrana.

**Nangataka hanajanonana ny lalao fa reraka**

Nanomboka teo amin'ny faha-8 taonany izy no efa hitan'ny mpampianatra tao amin'ny Snt Joseph Mahamasina fa mahay mihira. Isaky ny fetin-tsekoly dia tsy maintsy mihira hatrany izy ary isaky ny manatrika fifaninanan-kira dia voalohany hatrany. Rehefa nianatra tao amin'ny Sainte Famille Mahamasina indray izy, dia ny frera tao mihitsy no mangataka azy hihira rehefa fety. Vao 14 taona izy dia efa nahavita namoronkira. Fa ankoatra ny hira, dia nanao atleta sy baskety ihany koa i Andy. Nahay izy, fa indray andro raha nifandona tamin'ny ekipan'ny JJ Rabearivelo izy sy ny ekipany. Resy be dia be izy ireo, satria ankizy tsy mahay baskety avokoa no tafaraka taminy. Nangataka tamin'ny mpitsara lalao izy hoe aleo hijanona ny lalao fa vizana fotsiny izy. Dia najanona.

**Nanao « tour de lac » nefa tsy nahazo karama**

Teo amin'ny faha-22 taonany izy no niditra tao amin' ny Discomad. I Charles Maurin Poty no anisan'ny namany niara-nianatra taminy ary niara-niasa akaiky izy mirahalahy. Nomen'i Poty ho hirainy ilay hira "Mandehana re", ka i Mamy sy Lala no niara-nivazo taminy. Nivoaka kapila 45 tours io, niaraka tamin'ny "Noho ianao" ny taona 1979. Niakatra nanomboka teo ny lazain'i Mamy Andy Lala. Raikitra ny fitetezamparitra, ka tany Antsirabe, tao amin'ny tranompokonola no nanombohana azy. Tsy napoizin'izy ireo, fa feno hipoka ny efitrano ary ambiansy nafana be. Adiny roa ny fampisehoana, ka hiran'ny tarika vitsivitsy miampy sanganasan'ny artista malaza vahiny sy malagasy no natao. Rehefa avy eo nanao ny "tour du lac Alaotra". Nahavita seho hatrany amin'ny 10, nahazo olona be dia be saingy nitsoahan'ny mpikarakara ka niala maina ary saika tsy nahita saran-dalana nody.

**Lenan'ny orana mandramaraina teny Mahamasina**

Filohan'ny fokontany teo Mahamasina nandritra ny 12 taona i Andy. Maro ny trangan-javatra nahafinaritra azy fa marobe ihany koa ny olana nosedrainy tao anatin'izany. Anisan'ny nanamarika azy ny fiantsoana azy andro aman' alina rehefa misy olan'ny mpivady. Indraindray fohazin'ny olona amin'ny 3 ora marina fa misy mpivady miady, nefa tonga eo ohatry ny tsy misy na inona na inona akory. Fa ny tena goavana taminy, ny fianjeran'ilay vatobe teo Mahamasina tamin'ny febroary 2018. Amin'ny maha filohan' ny fokontany azy dia sahirana tokoa izy satria vao nitranga ny loza dia lasa nihazakazaka namonjy ary tsy natory mandra-maraina namaha ny olana rehetra nefa ny orana mikija ka hotsaky ny orana tanteraka.

Nangonin'i Fy

Gazety Boky "HETSIKA MSK"

# Natao hampahafantarana ny fandaharanasan' ny Minisitera

"*Maro ny fandaharanasan' ny Minisitera tokony hanana fivelarana bebe kokoa. Tsy ampy koa ny fampahafantarana ny hetsika arakolontsaina. Izany indrindra no nanosika ny minisitera hamoaka ity gazety boky kely ity*" hoy ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina Rakotondrazafy Andriatongarivo Lalatiana nandritra ny fampahafantarina tamin' ny fomba ôfisialy ny Gazety boky "HETSIKA MSK" andiany voalohany tetsy amin''ny Ivokolo ny Alakamisy hariva teo. Antompisian'ny gazety boky ny hizarana ny hetsiky ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina mandritra ny voalana iray. Voarakitra ao anatin'ity boky ity ireo fandaharam-potoana mandritra ny volana iray, hameno ny sehatry ny kolontsaina eto Antananarivo sy any amin'ny Faritra.? Ao koa ny famintinana ny hetsika tamin'ny volana lasa. Hahafahana manao serasera manokana amin'ireo haino aman-jery tsy miankina rehetra koa izany, araka ny fanazavana. Zaraina maimaimpoana ho an'ny olompirenena ny "HETSIKA MSK". Haparitaka araka izay tratra izany, hozaraina eny amin'ny "centre culturel", "toeram- pivarotana lehibe toerana be mpandeha, toeram-pisakafoana sy ny sisa.

Aty amin'ny fiandohan'ity volana ity, boky miisa 2 000 no hatonta, 10 000 isa kosa izany afaka volana vitsy ary 20 000 isa amin'ny faran'ny taona. Maro ny lohahevitra voizina ao anatin'ity gazety boky ity, toy ny hetsika "Tagnamaro" izay nahafahana nitondra fanovana maro tamin'ny soa iombonana sy nananganana fotodrafitrasa, ny mikasika ny hetsika MIHAMY MADA Fashion, izay ahafahana manome sehatra ny famoronana lamaody malagasy,? ny fampahafantarana mpanoratra iray ao anatin'ny volana iray, ny "cellule de lutte contre la cybercriminalité", ny fampirantiana sarimihetsika, ny tsiahy ny tolom-panafahana, ny hetsika ataon'ny OFNAC, fampahafantarana ny hetsika nataon'ny BAP, ny iray volan' ny harem-bakoka, ny ANAC, ny OMDA, ny hetsiky ny tranoben'ny serasera sy ny kolontsaina isam-paritra, ny fanapariaham-baovao Taratra sy ny maro hafa!

Tiaray R

HOTSAKOTSAKOINA

"Misafidy aho hanakatona amin'izay ny varavaran'ny lasako. Manapa-kevitra aho hanokatra avy hatrany ny varavaran'ny hoaviko, ka ifantohako kokoa ny anton'asako. Maka aina tsara, manao dingana avy hatrany, dia manomboka manokatra pejy vaovao indray ho an'ny fiainako eto an-tany."

Ny Vetso (16. 05. 15)

("I choose to close the door to the past; Open the door to the future; Take a deep breath, step on through and start a new chapter in my life.")
("Aujourd'hui, je ferme la porte de mon passé; J'ouvre la porte à mon avenir. Je prends une profonde respiration, je poursuis ma novelle vie ")

West Andrefan'Ambohijanahary

# Always Rock miaraka amin'ny tarika Spirity

Tarika manana ny maha izy eo amin 'ny tontolon 'ny mozika mavesatra no hiaka-tsehatra etsy amin''ny West Andrefan'Ambohijanahary rahampitso alahady hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro. Tsy zoviana amin'ny maro intsony ny tarika Spirity izay 5 lahy no mivondrona ao. Anisan ny hira nahafantarana an-dry zalahy ireto, ilay vazo mitondra ny lohateny hoe : « *barbare*" ; *Fandrosoana" ary "Fahatsarampanahy"*. Taty aoriana kely, nanakoako indray ry " *Always Rock*" ," *Tsy anjarako lanao*" , " *Soldat*". Entiny hanomezana fahafaha-po ny mpankafy tonga etsy amin''ny West avokoa ireo hira ireo sy ny hafa. Fomba fiainjaka sy fiseho an-tsehatra miavaka no entin' ny Spirity amin'io fotoana io. Efa eo am-pamerenana farany sy mametrapetraka ireo potsopitsony mikasika ity seho ity ry zalahy amin'izao fotoana izao ary nilaza fa vonona hanome ny tsara indrindra avy any aminy fa ny mpijery sisa andrasana. Ny toerana ihany koa moa etsy ankilany, vonona amin'ireo sakafo sy tsakitsaky ary tonotono samihafa izay mampiavaka azy. Asehon'izy ireo fa na dia vao haingana aza no nandraisana seho goavana tahaka itony dia azo lazaina fa efa matihanina tanteraka izy ireo. Amin'ny maha fampisehoana rock ny hetsika amin'ity rahampitso alahady ity, hifanaraka amin'izay avokoa ny haingon-tsehatra rehetra!

Tiaray R

Tayc

# Tonga nitsidika akaninjazavavy teny Faravohitra

Tonga nitsidika ireo ankizy vavy taizaina ao amin'ny akany avoko Faravohitra i Tayc ilay mpanakanto vahiny izay tonga nanao fampisehoana teto amintsika. Omaly moa izy no nanao izay fitsidihana izay nialoha ny fampisehoana izay nataony tetsy amin'ny lapan'ny fanatajahantena Mahamasina. Nifampiresaka sy nifanakalo hevitra tamin'izy ireo moa ity mpanakanto ity amin'izao fandalovany izao. Izay rahateo no tena anton-dian'i Tayc, ny mba hihaino izay hetahetan'izy ireo mba ahafahany mijery izay mety hanampiana azy ireo. Anisany nolazain'ity mpanakanto ity tamin'izy ireo ohatra ny hoe tsy tokony ho kivy na inona zavatra misy eo amin'ny fiainana fa mila mifantoka amin'izay tanjona tiana ho tratrarina foana. Efa voarakitra ao anatin'ilay hirany mitondra ny lohateny hoe « le temps » hoy izy izany hafatra izany. Tetsy ankilany dia nahatsiaro faly ireto ankizy vavy ireto satria tsy vitan'ny hoe nandalovan'ity mpanakanto ity fotsiny fa sady nomeny tapakila maimaimpoana ihany koa mba hijery ilay fampisehoana izay nataony. Ireto farany izay marihana fa mahay ny hirany tsara. Nofaranana tamin'ny fiaraha-mihira izay mihitsy sy fakàna sary ary fangalàna mari-pahatsiarovana ny fiarahana.

Tanya.R

## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Mme Feno. Mivídy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 494/20-8)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, fanaka, cahier, bisikileta, machine, TV. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 499/10-3)

### AMIDY

* Tany amidy : Alatsinainy Ambazaha, 300m², 245m², 400m². Prix : 29.000Ar/m². Accé. Tél : 034.48.649.43. (G-BA 500/10-1)

### FAMPIANARANA

* Sahaja Yoga mampianatra méditation gratuit @ A.N.S Ampefiloha isaky ny Alah. Tél : 034.66.819.53. (G-BA 501/7-1)

### VIDANGE

* Vidange wc & puisard, construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 492/10-10)

* Service vidange fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.47.024.33 / 034.16.145.06. (G-BA 476/20-20)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-19)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 034.86.213.53. (G-BA 485/15-15)

* Vidange fosse, wc 101, wc gasy Makiplast, puisard, débouchage. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 490/15-11)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 497/6-4)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 497/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 497/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 498/20-4)

### MITADY ASA

* Maçon mpanangana sy mpanao finit°, matihanina. Mitady asa, eqp za-draharaha. Tél : 034.23.909.68. (G-BA 496/5-5)

Malagasy Rugby

# 6 no mpikambana vaovao ao amin' ny komity mpanatanteraka

Volana vitsy aty aorian'ny nahavitan'ny fifidianana, naseho omaly tetsy amin'ny foibe toerany etsy Ankorondrano, ireo mpikambana mandrafitra ny komity mpanatanteraka eo anivon'ny Malagasy Rugby. Fantatra tamin'izany, fa ny 6 amin'izy ireo no vaovao, ahitana vehivavy roa. Tafaverina kosa ny 7, izay nambaran' ny filohan'ny Malagasy Rugby, Rakotomalala Marcel, fa mazava tsara daholo ny andraikitra sahanin'izy ireo tsirairay fa tsy toy ny taloha. Nampahatsiahiviny ny rafitra mifehy ny Malagasy Rugby, izay ny World Rugby, Rugby Afrique no eo amboniny, mifanindran-dalana amin'io ny CIO, izay mbola rafitra ambonin'izy ireo, ny CNO (komity Nasionaly Olympika) kosa no ambonin' ny Malagasy Rugby, izay mitovy amin'ny MJS, hoy izy, ka ity farany no mpiahy ny Malagasy Rugby.
Mahakasika ny fifidianana eny anivon'ireo ligim-paritra indray, tsy maintsy vitaina alohan'ny faran'ny avrily 2023 avokoa izany, hoy izy, ka ny klioba miasa aradalàna ihany no afaka mifidy. Hisy ny fanarahamaso akaiky azy ireny manomboka izao, hoy ity filohan'ny Malagasy Rugby ity. Eto Antananarivo manokana, tokony hanao "conformité" sy "enregistrement" ary maka "licence" any amin'ny federasiona ireo klioba, satria dia mbola tsy nahavita ny fifidianana ny ligin'Analamanga. Ho an' ireo fikambanana miasa amin'ny tontolon'ny baolina lavalava ihany koa, tsy maintsy miditra ho mpikambana anatin'ny Malagasy Rugby izy ireny, ary hampahafantarina ny hetsika ataony. Ho hentitra ny Malagasy Rugby mahakasika izany, efa nampitandremana izy ireny, hoy ity filoha ity fa manomboka izao hiaina anaty rafitra aradalana.

**Rabenaivo**

Môtô - "04 Heures Honda"

# Ekipa hatramin'ny 80 no andrasana

Hotanterahana amin'ny 18 – 19 marsa eny amin'ny SRK-TMF, Imerintsiatosika ny andiany faha-21 amin'ny fifaninanana « 04 Heures Honda », ho an'ny taranja hazakazaka Moto. Ekipazy manodidina ny 80 no andrasana amin'ity, izay hifaninana amin'ny sokajy 12, araka ny nambaran'i Jeannot Chan , tomponandraikitra ny Moto eo anivon' ny Madauto, mpikarakara miaraka amin'ny klioban'ny IMC. Ankoatran'i Pascal Dorchy tompondaka Renioney, izay hiaraka amin'i Mathias avy ao amin'ny Madauto dia tsy hisy vahiny handray anjara amin'ity. Fantatra kosa, maro ny avy any amin'ny faritra no hifaninana, ka hatreto, efa ekipazy 25 no nisoratra anarana, ahitana ekipazy vehivavy miisa 4. 7-8km eo ny halaviran'ny lalana hatrehan'ireo mpandray anjara, izay nisy fiovana betsaka. Tsiahivina noho ny krizy arapahasalamana nisy maneran-tany, tsy afaka notanterahana ity hetsika ity tao anatin'ny telo taona lasa ka izao indray vao niverina. Nambaran'i Jeannot Chan, tsy tafiditra anatin'ny dingan' ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ity, saingy hafana hatrany ny fifanandrinana eo amin'ireo mpandray anjara, hoy izy, izay betsaka ireo efa niandry izao. Hanomezamboninahitra an'itompokolahy Alain Hivres sy Le Roi Lion, izay anisan'ireo nahavita be tamin'ity taranja ity ihany koa ity andiany faha-11 ity, araka ny nambaran'ny mpikarakara. Raha hiverenana ny manodidina ny fifaninanana, ny asabotsy 18 marsa no hanaovana ny "prologue", ny ampitson'io kosa no tena hanomboka ny fifaninanana. Nampanantena ny mpikarakara fa ho azo antoka ny fiarovana ny mpandray anjara sy ny mpijery, izay ho tonga eny an-toerana mandritra izany.

**Rabenaivo**

# Fandaharan-dalao faran'ny herinandro

## BAOLINA KITRA

**Tompondaka OPL 2022/2023**
**Andro faha 9**

*Alahady 12/03/2023 - "Conférence Nord" - 2 ora sy 30 mn*
Kianja Vontovorona / Fosa Jr FC Boeny # USCAFoot Analamanga
Kianja Barikadimy / Tia Kitra FC Atsinanana # AJESAIA Bongolava

*Alahady 12/03/2023 – "Conférence Sud" - 2 ora sy 30 mn*
Kianja Ampasambazaha / MAMA FC Ihorombe # Elgeco Plus Analamanga
Kianja Mahitsy / JET Kintana Itasy # Disciples FC Vakinankaratra
Kianja Me Kira / 3 FB Toliara # DATO FC Farafangana
Kianja By Pass / CFFA Analamanga # Zanakala FC Matsiatra Ambony

**Section Tana Ville**
**Tompondaka ho an'ny Tanora**

*Alahady 12/03/2023 – Kianja By Pass*
8 ora : « 6 -7-8 Ans » /LMAN Foot # EZAMA – « 9 – 10 Ans » / FC Bayern # FIVE
8 ora 30 mn : « 11 – 12 Ans » / LMAN Foot # FIVE Academie – 3FA # Ny Antsika Foot
9 ora : « 9 – 10 Ans » / CFT FC # 3FA – LMAN Foot # FIVE Academie
9 ora 30 mn : LMAN Foot # Fy Miangaly – FC Bayern # 3FA

## BASKET-BALL

**Tompondaka SBBAR**

*Sabotsy 11/03/2023 – Kianja Toby Ratsimandrava – « ¼ de Finales Dames »*
7 ora 30 mn : Fandrefiala # DBC Ankazomanga
9 ora : ACA Ambohimanarina # ASSM
10 ora sy 30 min : LUCADRO Ambohimanarina # AKAMASOA
12 ora : MB2ALL # ASA

*Sabotsy 11/03/2023 – Kianja Toby Ratsimandrava – « ½ Finale Hommes »*
9 ora : AKBB Besarety # SOE
10 ora sy 30 mn : Fandrefiala # BCR Ambohimanarina

## RUGBY

**"Association Rugby Vacances Tournoi U 18G"**

*Sabotsy 11/03/2023 – Kianja Anilany Makis Andohatapenaka*
12 ora : 3F5 Amboditsiry # FTA Anjanahary
1 ora : TMAA Ankorondrano # USM Manjakaray
2 ora : ZAMI Ankasina # TFMA Ankasina
3 ora : CRAI Ambalavao Isotry # AVTM Antanimora
4 ora : XV Dakar Manjakaray # Radoufa Manjakaray

**Tompondaka TOP 20**
**Andro Faha 2**

*Alahady 12/03/2023 – Kianja Makis Andohatapenaka*
9 ora : XV FA Ampasika # FBM Bemasoandro
11 ora : USI Ikopa # XV Avenir Andohatapenaka
1 ora : JSTA Ambondrona # SCB Besarety
3 ora : USA Ankadifotsy # FTAT Anosibe.

**aris rafaly**

**Gazetiko**
**25 taona**

## FIFANINANANA TONONKALO

### FITSIPIKY NY FIFANINANANA

***Feno 25 taona katroka amin'ny 7 aprily 2023 ho avy izao ny GAZETIKO. Noho izany jobily volafotsy izany, dia misy ny "Fifaninanana tononkalo".***

Toy izao ny fitsipiky ny fifaninanana :

***And. 1 :*** Misokatra amin'ny mpamaky rehetra ny fifaninanana, tsy anavahana lahy na vavy, tsy anavahana taona. Tsy mahazo mandray anjara ny mpiasa sy ny vady aman-janany ato amin'ny Vondrona Midi Madagasikara izay misy ny Gazetiko.

***And.2 :*** Amin'ny teny Malagasy ny tononkalo izay hisy andininy roa, tsy hihoatra ny andalana valo. Lohahevitra : "Gazetiko 25 taona".

***And.3 :*** Hisy dingana roa ny fifaninanana. Ny voalohany hifantenana izay 10 (folo) tsara indrindra. Ny faharoa indray kosa, ianareo mpamaky no hifidy izay 5 (dimy) tena tsara indrindra amin'ireo.

***And.4 :*** Ny mpanoratra 5 (dimy) sy ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra samy hahazo loka. Toy izao ny fitsinjarana izany :

| Ho an'ny mpanoratra : | | Ho an'ny mpamaky: | |
|---|---|---|---|
| Voalohany: | 500.000 ariary | Voalohany : | 250 000 ariary |
| Faharoa : | 400.000 ariary | Faharoa : | 200 000 ariary |
| Fahatelo : | 300.000 ariary | Fahatelo : | 150.000 ariary |
| Fahefatra : | 200.000 ariary | Fahefatra : | 100.000 ariary |
| Fahadimy : | 100.000 ariary | Fahadimy : | 50.000 ariary |

***And. 5 :*** Ampiarahana amin'ny takelaka fandraisana anjara izay hetezana eto amin'ny GAZETIKO ny tononkalo hifaninanana. Tsy ekena sy tsy manan-kery ny dika mitovy (photocopie)

***And. 6 :*** Takelaka fandraisana anjara iray, tononkalo iray. Araka izany, afaka mandefa takelaka fandraisana anjara maromaro ny mpandray anjara amin'ny fifaninanana.

***And.7 :*** Aterina aty amin'ny GAZETIKO enceinte Midi Madagasikara Ankorondrano Antananarivo Renivohitra, fara fahatarany **ny sabotsy 25 martsa 2023 hatramin' ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara miaraka amin'ny tononkalo ary ny **zoma 7 aprily 2023 hatramin'ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara amin'ny fifantenana ireo tononkalo 5 (dimy) tsara indrindra

***And. 8 :*** Ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana dia midika avy hatrany ho fanekena ity fitsipika ity.

**Gazetiko**
**25 taona**

## FIFANINANANA TONONKALO

### TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA

Anarana : ..................................................................
Fanampin'anarana : ..................................................................
Adiresy : ..................................................................
Laharana finday : ..................................................................

*Aterina aty amin'ny* **Gazetiko** *enceinte* **midimadagasikara**
*Ankorondrano Antananarivo Renivohitra farafahatarany ny*
*SABOTSY 25 MARTSA 2023 hatramin'ny* ***12 ora*** *antoandro*
*ity takelaka fandraisana anjara ity miaraka amin'ny tononkalo hifaninanana.*

Mahanoro

# Saika hamely sabatra polisy, maty voatifitra ilay jiolahy

*Rehefa nahatazana ny polisy mantsy ry zalahy avy hatrany dia lasa nandositra.*

Jiolahy iray 22 taona no maty voatifitry ny polisy avy ao amin'ny kaomisaria Mahanoro ny alakamisy lasa teo tokony ho tamin'ny 12 ora alina tany amin'ny tanàna antsoina hoe Ambalakininina noho ny resaka asan-jiolahy mahery vaika. Tratra teny aminy ny sabatra iray sy pince coupante iray. Araka ny fanazavana dia anisan'ny toerana mafana amin'ny asan-jiolahy any amin'io tanàna voalaza etsy ambony io. Anisan'izany ny resaka vaky trano sy ny halatra miharo vono olona. Manoloana izany dia nandray ny andraikiny ny polisy any antoerana ary nanao fisafoana matetika tany amin'iny faritra iny. Teny am-panaovana izany asany izany ny mpitandro filaminana no nahatsikaritra lehilahy telo nihaodihaody amin'io andro amin'ny sasakalina io ary rehefa nojerena ihany koa izy ireo dia toa hafahafa fihetsika. Rehefa nahatazana ny polisy mantsy ry zalahy avy hatrany dia avy dia lasa nandositra. Nampanahy araka izany ry zalahy ireo ka tsy navela fotsiny nandeha tany fa nisy ny fifanenjehana.

**Karohina**

Nifanehatra ny roa tonta ka tamin'io no nisy jiolahy iray saika hamono ny polisy. Tsy nihambahamba mantsy izy fa tonga dia handeha hamely sabatra an'ny mpitandro filaminana. Efa nomena fampitandremana ihany izy saingy tsy nety nijanona fa nikiry saika hamely. Nanoloana io dia voatery nampiasa ny fitaovana teny aminy ny polisy ka nitifitra an-dralehilahy ka maty tsy tra-drano araka izany izy. Mbola hita teny aminy ilay fitaovam-piadiana toy ny sabatra ary nahitana pince coupante koa. Araka ny fanampim-panazavana dia efa jiolahy mpamerin-keloka ity lehilahy ity ary efa naiditra am-ponja matetika noho ny asa ratsiny izy. Mitohy ny fikarohana ny namany. Efa naterina any amin'ny tranom-paty ny razana.

**T.H**

Tafika malagasy

# Ho hentitra amin'ny fampanarahana fitsipika



**Fihaonan'ireo tomponandraikitra ambonin'ny tafika teny amin'ny "CEMESS" Soaniarena.**

Fivoriana voalohany sy nifanatrehan'ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa sy ireo manamboninahitra ambony eo anivon' ny Tafika malagasy no natao tetsy amin'ny "Cercle Mess" Soanierana, omaly. Fotoana izay nanomezan'ny Minisitra toromarika entina manantateraka ny asa, izay miompana bebe kokoa eo amin'ny fiarovana sy ny fanakaikezana kokoa ny vahoaka. Io rahateo no miantoka ny fiarovana sy ny fandriampahalemana. Teboka telo no nisongandina tao anatin'izany dia ny fanamafisana ny fanajana ny fitsipi-pifehezana eo amin'ny Tafika malagasy. Faharoa ny fanohizana ny fanitsian-drafitra ary farany dia ny fifanomezan-tanana eo amin'ny sivily sy ny miaramila na ny "actions civilo-militaires". *"Tonga eto ny lehiben'ny miaramila manerana ny nosy izay notarihin'ny lehiben'ny Etamazaoron'ny Tafika. Mivory izahay satria fotoana izao ka hapetraka ny paikady rehetra sy ny hafatra entina manatanteraka ny asa nampiandrainketin'ny fanjakana dia ny fanamafisana ny fandriampahalemana. Anatin'ny fifidianana isika izao ka natao izany mba hilaminan'ny vahoaka hahafahany maneho ny heviny sy ny safidiny ankalalahana. Eo koa ny handaminana ny lafin'ny tsy fandriampahalemana ary tsy miova ny hetsika na ny « mission » dia ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana ka efa mandray andraikitra isika sady tsy miraviravy tanana fa manamafy sy manatsara ny zavatra hatao »* : hoy ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa.

**Praiminisitra**

Tonga nanatrika ity fivorian' ny manamboninahitra ambony eo anivon'ny tafika ity ihany koa ny ny Praiminista Lehiben'ny Governemanta, Ntsay Christian. Nidera ny ezaka vitan'ny Tafika sy ny Ministera ny tenany izay nampiseho fahavitrihana teo amin'ny fiatrehana ny ambana rehetra nisy teto amin'ny firenena. Anisan'izany ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny rivodoza ary ny covid-19. *"Asa andavan'andro ny fampandriana fahalemana sy ny fiarovana ny tanintsika. Ny ezaka atao dia mitaky fahaiza-manao sy ny fifamenoana eo amin'ny samy mpitandro filaminana. Mitohy ny asa ! »* : hoy ny Praiministra Lehiben'ny Governemanta.

**Ariel D.**

Fenoarivo Alakamisy

# Lehilahy nisandoka miaramila lietnà

Lehilahy iray no voasambotry ny zandary rehefa nisandoka ho lietna miaramila nivoaka tamin'ny andiany mivantana faha-38 tao amin'ny Akademia Miaramila Antsirabe. Rehefa nosavaina ny tranony tao Antanety II, kaominina Alakamisy Fenoarivo dia nahitàna fanamiana Tafika Malagasy isan-karazany, miaraka amin'ny galona "Lieutenant", basim-borona, sary manao fanamiana miaramila maro, akanjo mpiasan'ny Shell sy G4S, karapanondro roa milaza fa miaramila sy antontan-taratasy manamarina ny momba-momba azy. Voalaza fa "Lieutenant Kevin" no anarana fiantso azy sy ny ahafantaran'ny rehetra eny Antanety II saingy taorian'ny fisavana ny tranony vao fantatra fa tsy izany akory no tena anaran'ity lehilahy ity. Niaiky ny sa ratsiny izy ka nilaza fa misandoka ho manamboninahitra. Ny antony dia efa niatrika fifaninanana hidirana ho ofisie amin'ny andiany faha-38 mivantana ny tenany kanefa tsy afaka. Nanomboka teo izy no nanao izao fisandohana izao.

**Ariel D.**

Antsohihy

# Polisy voarohirohy ho nangalatra môtô an'ny namany



**Nitondra fanazavana Andriamatoa Ramorasata Jessé lehiben'ny fampanoavana ao amin'ny fitsarana Antsohihy.**

Nitrangana fahaverezana môtô tao amin'ny Biraomparitry ny filaminam-bahoaka Antsohihy ny alin'ny 15 hifoha 16 Febroary lasa teo. Môtô marika "DF – 150" izay an' ny Polisy nanao fiambenana tao amin'io toerana io ihany. Rehefa nametraka fitarainana ny tompony dia nisy ny fikarohana natao. Olona tsara sitrapo no nanome loharanom-baovao fa nafenin'ireo mpangalatra ilay môtô ary efa nokasaina haondrana tamin'ny fiara sprinter taksibrosy tao Bekitrobaka, hivoaka ny tanàna an' Antsohihy, hihazo any Port Bergé. Olona roa sivily no sarona niaraka tamin'ity môtô ity, ny herinandro lasa teo ary ireo no nanondro fa polisy sy sivily iray hafa no nivarotra izany tamin'izy ireo. « Niaiky ny hadisoany sy ny zavatra nataony ilay polisy voatondro ho tompon'antoka tamin'ity asa ratsy ity rehefa natao ny fanadihadiana azy. Polisy izay andiany (promotion) iray amin'ilay very môtô ihany io nahavona ny ratsy io ary mpiara-miasa ao amin'ny fitaleavam-paritry ny filaminam-bahoaka Sofia. *« Tongotra vakivaky izy ity sady maharary no mahamenatra ary manala-baraka ny polisy izy ity fa tsy misy olona ambonin'ny lalàna eto » :* hoy ny Talem-paritry ny filaminam-bahoaka Sofia.

**Fanenjehana**

Niakatra fampanoavana ny alakamisy teo ny raharaha ka naiditra am-ponja vonjimaika ireo sivily telo voarohirohy. Mbola miandry fankatoavan'ny minisitry ny filaminambahoaka kosa ny fanenjehana ilay polisy araka ny "SATA" sy lalàna mifehy ny polisim-pirenena mba hahafahana manao ny fanenjehina azy. Nanamafy ny lehiben'ny fampanoavana ao amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany Antsohihy, Ramorasata Jessé fa tsy misy ambonin'ny lalàna eto, efa lasa ny taratasy fangatahana fahazahoandalana manenjika ilay Polisy ka andrasana ny valiny ary mitohy ny raharaham-pitsarana momba azy avy eo.

**Ariel D.**

Anosizato

# Rongony 73 fonosana sarona, 3 lahy voasambotra

Telo lahy mpivarotra sy mpividy rongony no saron'ny zandary teny Anosizato ny alarobia lasa teo. Mbola tratra teny amin'izy ireo ny fonosana ny fonosana rongony 73 isa amin'io fotoana io. Nahazo loharanom-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po ny zandary mikasika ny fisian'ny olona mivarotra rongony eny an-toerana. Raha vantany vao naheno izany zava-nitranga izany izy ireo dia nandeha nidina ifotony teny an-toerana nanamarina ny zava-nitranga sy nanao fanaraha-maso. Rehefa fantatra tokoa fa nisy ilay izy dia nisy ny vela-pandrika nataon'ireo mpitandro filaminana mba hisamborana an-dry zalahy. Dia tratra tao ilay mpivarotra rongony ary sarona niaraka taminy tao ihany koa ireo mpanjifa ilay zava-mahadomelina. Dia ireo mbola nahitana fonosana rongony maro ireo tao nandritra ny fisavana. Fa taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana izy telo lahy. Ny alatsinainy ho avy izao no hatolotra ny fampanoavana ny raharaha.

**T.H**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

Saika




## Hatsikana an-tsary

Segaonda




## Masoandro Miposaka

**I Mpanjaka 14 : 31**


Ary Rehoboama lasa nodimandry any amin'ny razany, dia nalevina tao amin'ny razany tao an-Tanànan'i Davida. Ary ny anaran-dreniny dia Nama Amonita. Ary Abia zanany no nanjaka nandimby azy.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Ny hazo tokana tsy mba ala.**

Un seul arbre ne fait pas la forêt.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2900

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 4 | | | | | 5 | | |
| | | | | | 3 | 6 | 8 | |
| | 9 | 1 | | | | | 2 | |
| | 2 | | 3 | | | | | 4 |
| | | | | | 8 | | 9 | |
| 7 | 8 | 4 | | | 1 | | | |
| 4 | | | | | | 3 | 5 | 8 |
| | | 7 | | | | | | |
| 3 | 1 | | 5 | | 2 | | | |

Valin'ny laharana 2899

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 5 | 6 | 2 | 9 | 1 | 7 | 3 | 4 |
| 1 | 4 | 3 | 6 | 7 | 8 | 2 | 9 | 5 |
| 2 | 7 | 9 | 4 | 3 | 5 | 6 | 8 | 1 |
| 4 | 1 | 7 | 8 | 6 | 3 | 9 | 5 | 2 |
| 6 | 3 | 5 | 9 | 4 | 2 | 1 | 7 | 8 |
| 9 | 2 | 8 | 5 | 1 | 7 | 4 | 6 | 3 |
| 7 | 8 | 1 | 3 | 2 | 6 | 5 | 4 | 9 |
| 5 | 6 | 4 | 1 | 8 | 9 | 3 | 2 | 7 |
| 3 | 9 | 2 | 7 | 5 | 4 | 8 | 1 | 6 |

Fampiatoana ny filoha amin'ny asany

# Nolavin'ny HCC ny fangatahan'ny HCDDED

Tsy azo raisina ! Nolavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ny fangatahan'ny Filohan'ny Filankevitra Ambony misahana ny Demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalana na HCDDED ho fampiatoana ny filohan'ny Repoblika amin'ny asany noho ny ambarany fa fitsabahan'ity farany tamin'ny raharahan' ny Andrimpanjakana mpanao lalàna tamin'ireny raharaha fitsipaham-pitokisana ny governemanta ireny. Notsipihan'io Andrimpanjakana eny Ambohidahy io fa tsy manana fahefana hangataka ny hevitry ny HCC mikasika izany ny HCDDED ; Manoloana ny fangatahana fanazavana nataon'ny HCDDED teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana mikasika ny fanambarana izay nataon'ny filohan'ny Antenimierampirenena sy ny birao maharitra taorian'ny fikasana hametraka ny fitsipaham-pitokisana ny 8 Desambra 2022 lasa teo dia nilaza kosa ny HCC fa aradrariny sy azo raisina izany. Nohamarinin'ny HCC fa mifanaraka amin'ny Lalampanorenana ny fanambarana nataon'ny filohan'ny Antenimierampirenena, Rtoa Christine Razanamahasoa sy ny Birao maharitra ny 8 Desambra. Raha tsiahivina, milaza izany fanambarana izany fa tsy azo raisina ny fitsipaham-pitokisana izay nosoniavin'ireo solombavambahoaka.

**Mamy R.**

Toe-draharaham-pirenena

# Ny vahoaka sahirana, ny mpitondra manao izay tiany, ny mpanohitra tsy miray hina

Valo volana eo ho eo mialoha ny hifaranan'ny fotoam-piasan'ny Filohan'ny Repoblika, tsikaritra ho misafotofoto ny fizotry ny toe-draharaham-pirenena. Tsy hita taratra loatra eto amintsika intsony tato ho ato ny fametrahana ho laharam-pahamehana ny tombontsoan'ny daholobe izay fantatra fa antompisian'ny mpitondra, taorian' ny nametrahan'ny vahoaka azy ireo amin'ny toerany, tamin'ny alalan'ny fifidianana. Raha fintinina maimaika ny zava-misy dia miady irery ao anatin'ny fahasahiranana ny vahoaka. Ary raha sendra mamaha olana ny mpitondra dia tsy ny fototr'izany no vahany fa fombafomba sy seho ivelany fotsiny. Mampiseho izany tanteraka ny zava-misy any Atsimo sy Atsimo Atsinanana izay mosary sy mahantra, noho ny haintany sy ny fiantraikan'ny loza voajanahary, saingy toa tsy ny fanarenana ny simba no ilofosana. Ny tsikaritra dia manao izay tiany hatao ny mpitondra.

**Misy mitaky tetezamita !**

Saika isan'andro no andrenesana disadisa amin'ny samy mpanohana ny fanjakana ; fanaparam-pahefana ; kolikoly avo lenta ; fanomezana baiko ny fitsarana hiarovana tombontsoa... Manoloana izany anefa toa tsy hita taratra manao ny asa tokony hataony ny mpanohitra. Raha atao indray mijery dia tsy miray hina ny mpanohitra. Ny ampahany, ankoatry ny fanakianana ny heverin'izy ireo fa fitantanana tsy mandeha amin'ny laoniny ataon'ny mpitondra dia miezaka manentana ny olom-pirenena hifantoka sy hiomana amin'ny fiatrehana ny fifidianana. Ny ampahany hafa mitaky ny hisian' ny fifampiresahana amin'ny mpitondra sy ny ankolafinkery samihafa, mialoha ny fifidianana. Ny ampahany hafa mitaky tetezamita izay heverina fa tsy ho amin'ny tombontsoam-pirenena.

**V.R.**

Fikambanana V3F

# Manentana ny rehetra handray andraikitra

Nitondra izay heveriny ho vahaolana hamoahana ny firenena ao anatin'izao fahantrana izao ny fikambanana Vision Fanabeazana fototry ny Fampandrosoana na V3F. Mihevitra ireo mpikambana ao anatin'izany fa ny fahaizana mitantana sy mampiasa ireo harena ankibon'ny tany ao anatin'ny fifampitsinjovana no antoka hampandroso ny firenentsika. "*Manana adidy hanova ny tantaran'i Madagasikara amin'ny tsara kokoa ny olom-pirenena rehetra fa tsy hiandry fotsiny amin'izao. Meteza handray andraikitra feno fa rehefa tsy mandray andraikitra ianao dia ny hafa no mandray andraikitra amin'ny toeranao ary ianao tavela anaty olana* », hoy Ing. Rakotomalala Dera, mpitaerika ny fikambanana nitondra fanazavana. Marihana fa fikambanana mijoro ara-dalàna ny V3F na ny Vision Fanabeazana fototry ny Fampandrosoana ary miparitaka manerana ny faritra 23, izay ivondronan' ireo olom-pirenena resy lahatra fa ny fanabeazana tsara indrindra no fitaovana antoka indrindra hitondra fampandrosoana mafy orina ho an'i Madagasikara

**Mamy R.**

Navoaka ny entan'ilay Vadintany

# Nahatratra 100 tapitrisa ariary ny hofan-trano tsy voaloany

Manome ohatra ratsy ! Ilay Vadintany tokony hampiahatra ny lalàna indray no namoahan'ny fitsarana didy fandroahana azy hiala tamin'ny trano nipetrahany. Ny alarobia lasa teo no nanatanterahana ity didimpitsarana ity ka namohana ny entany tao amin'ny "Villa" nipetrahany teny Ambohibao Antehiroka. Voatery nakana Vadintany hafa mihitsy nanatanteraka izany. Araka ny fitarainana izay nataon'ny tompon'ny trano dia efa mihoatra ny 100 tapitrisa ariary ny hofantrano tsy voaloan'ity Vadintany ity tao anatin'ny taona maro. Araka ny fanazavan' ny Me Razafindrahasy Olivia izay Vadintany nanatanteraka ny hetsika, dia efa tamin'ny taona 2021 no nivoahan'ilay didy. "*Efa maro ny zavatra natao momba ity raharaha ity mba tsy hanala baraka ny Holafitra, ka izao tonga amin'ny tsy azo anoharana izao isika*", hoy izy. Nanamafy ny tenany fa tena sarotra ny tranga toy izao kanefa tsy misy olona ambonin'ny lalàna. Asan'ny Vadintany rahateo ny manatanteraka ny didim-pitsarana.

**JUDD**



**Toy izao no namoahana ny entan'ilay Vadintany teny Ambohibao Antehiroka.**

## Marina izany !

## Miteraka resabe !

**Tsy mateti-pitranga eto amintsika ny fanakatonana oniversite, noho ny fitakiana vatsim-pianarana na olana hafa sedrain'ny mpianatra. Hany ka tsy mahagaga raha miteraka resabe ny fanapahan-kevitra noraisin'ny tompon'andraikitra, omaly. Samy mampiaka-peo mitaky ny hanokafana ny oniversite ny raiamandreny ; ny mpampianatra ; ny mpianatra ; eny fa hatramin'ny olontsotra aza. Ankoatry ny fanidiana ny toeram-pianarana mantsy dia hisy mpianatra hampiakarina filankevi-pitsipi-pifehezana, sady tsy mahazo manitsaka ny oniversiten'i Vontovorona. Ho aiza izany izy ireo ? Ahoana ny hoaviny ? Nanaitra omaly ny fanambarana nataon'ny Minisitry ny Fampianarana Ambony fa mijanona eny amin'ny oniversite avokoa ny mpianatra ary tsy mikatona ny toeram-pampianarana ambony eny Vontovorona. Midika ve izany fa nandray fanampakan-kevitra manokana ny filohan'ny oniversite. Na izany na tsy izany, sesilany ny fanehoan-kevitra miverimberina eny amin'ny fitaovan-tserasera samihafa, toy ny hoe : Maninona no tsy voaloa ara-potoana ny vatsim-pianarana , nefa tokony efa voasoratra ao anatin'ny teti-bolampanjakana isan-taona ? Indrindra zon'ny mpianatra ny mandray vatsim-pianarana fa tsy fitserana azy ireo akory. Misy mihitsy ny olom-pirenena no mahatsapa fa mizotra mankany amin'ny fametrahana jadona ny fitantanana ny firenena ankehitriny. Ary mba manjaka ny didin'ny besandry. Ny hafa manamarika fa mitohy hatrany ny fomba an-kolaka hanapotehana ny fanabeazana eto amintsika. Raha vao ny fampianarana sy ny fanabeazana ny tanora anefa no misedra olana dia iarahan'ny rehetra mahalala fa ny hoavin'ny firenena mihitsy no mampanahy. Inona no tanjona ? Ary iza no mahazo tombontsoa amin'izany ?**

Voahangy Rakotozafy

Notokanan'ny Filoha ny Jirama Shop Anosizato

# Natao hamahana ny olana sy ho fanatsarana ny asa

Ny Filoha Andry Rajoelina mihitsy no nidina ifotony nitokana ny fotodrafitrasa vaovao natsangana ho an'ny orinasa Jirama. Teny Anosizato no nametrahana izany ary antsoina hoe Jirama Shop izy io. Tanjona amin'ny fanokafana ity tranom-barotra voalohany ho an'ny eto Antananarivo ity ny famahana ny olan'ny mpanjifa sy ho fanatsarana ny tolotra omen'ny orinasa Jirama. Tafiditra ao anatin'izany ny resaka « branchement mora » ho an'ny mpanjifa. Nambaran'ny Filoha Andry Rajoelina fa efa manafaingana ny fanatanterahana ny Velirano faharoa amin'ny alalan'ny fampisitrahana angovo ho an'ny rehetra ny fitondram-panjakana ankehitriny. Fanamby hapetraka amin'ny volana manaraka hoy izy ny fizarana fitaovana manome angovo azo avy amin'ny herin'ny masoandro na "kits solaires" ho an'ny fianakaviana iray tapitrisa manerana ny Nosy. Namafisiny fa vonona ny fitondram-panjakana hampitombo ny tokantrano hahazo ny herinaratry ny orinasa Jirama. Ankoatra ny ao Anosizato, toerana hafa toy ny ao Alasora sy Talatamaty no hametrahana "shop" ihany koa.

**JUDD**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Minisitra Assoumacou Beatrice

# "Tsy mikatona Vontovorona, afaka mipetraka amin'ny tranony ny mpianatra"

Manoloana ny zava-niseho teny amin'ny "Polytechnique" Vontovorona izay niteraka resabe ny alakamisy teo. Nanao fanambarana ny Minisitry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa omaly fa *"afaka mipetraka eny amin' ny trano fonenany ny mpianatra, tsy mikatona ny sekoly ambony eny Vontovorona. Afaka mipetraka ankalalahana eny amin'ny trano fonenany eny Vontovorona ny mpianatra"*, hoy ny Minisitry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa, Rtoa Assoumacou Béatrice, raha nivahiny tao anatin'ny fandaharana tsy ho tompontrano mihono, tao amin'ny Radio sy Televiziona nasionaly omaly. Nomarihan' ity tomponandraikitra voalohany eo amin'ny fampianarana ambony eto amintsika ity fa ny Minisitera sy ny CROUA no tomponandraikitra voalohany amin'ny fanesorana ny mpianatra na tsia amin'ny trano fonenany. "Tsy nisy anefa ny taratasy avy amin'ny minisitera na avy amin'ny CROUA manala ny mpianatra eny amin'ireo trano fonenany ireo", hoy hatrany ny Minisitra. Ankoatr' izay dia tsy manara-dalàna, hoy izy ny fanakatonana ny sekoly fampianarana ambony eny Vontovorona. Noho izany, tsy tokony hakatona ity sekoly ity na miato ny fampianarana, araka ny naoty izay navoakan'ny Prezidan'ny Oniversite omaly.

HAR

Base Toliara - Fanadihadiana ara-tontolo iainana

# Nanazava ny tale jeneralin'ny INSTN

Miteraka resabe ny fiantraikan'ny fitrandrahana fasimainty hataon'ny Base Toliara. *"Mbola mitoetra mandraka ankehitriny ny fanadihadiana nataonay momba ity tetikasa ity. Natao teo ambany fanaraha-mason' ny AIEA (Agence Internationale de l'Energie Atomique) ary tsy misy asa natao kitoatoa."*, hoy ny Pr Joël Rajaobelison, tale jeneralin' ny INSTN (Institut national des Sciences et Techniques Nucléaires). Ny INSTN rahateo no laharana voalohany eto amin'ny firenena eo amin'ny sehatry ny siansa sy teknika nokleary ary misolotena ny AIEA eto Madagasikara. Anisan'ny nanara-maso ny fanadihadiana nataon'ny ekipan'ny INSTN ity tomponandraikitra tamin'ny fotoana nanatanterahana izany ny taona 2013. Nanamafy ny tenany fa azo antoka tanteraka ny vokatry ny fanadihadiana azo mikasika ireo singa mety hanimba ny fahasalamana eo amin'ny faritra hanaovana ny fitrandrahana ao Ranobe sy ny manodidina azy. Nambarany fa araka ny tatitry ny fanadihadiana natao ihany dia tena ambany dia ambany ny ambana mety hahavoa ireo mpiasa na ireo mponina mipetraka manodidina ny toerampitrandrahana. Rehefa mandeha koa ity tetikasa ity dia nilaza ny teo anivon'ny INSTN fa afaka mametraka olona matihanina mikasika ny fiarovana amin'ireo taratra "radioactif" mety hanimba fahasalamana.

R. Muray

"Base Toliara"

# "Hamotika ny natiora sy hamparary olona maro", hoy ny FIMA

Manao ranolava ny fanehoan-kevitra manohitra ny tetikasa "Base Toliara" avy amin'ny fikambanana maro tsy avy any ifotony ihany fa mijoro koa ny Fikambanan' ny Masikoro Arivolahy. *"Hamotika ny natiora sy hamparary olona marobe any Toliara io tetikasa io raha mandeha eo. Ilay Radioactif no hahatonga izany ka ho faty ny hazandrano, harary ny olona ary ahiana mafy ny hisian'ny takaitra mety hisy amin'ireo zaza vao hateraka. Ny fizaram-bola ataon'io tetikasa io amin'ireo olom-boafidy teo aloha na olom-boatendry sasany sy koa amin'ireo olon-tsotra no manely ny tsaho fa handeha ny fitrandrahana ka tsy maintsy hiala amin'ny taniny ireo olona amin'ny kaominina na fokontany voafaritra fa hiasan'ny tetikasa"*, hoy Atoa Tsifidy Kalay Harison, filohan'ny Fikambanana Masikoro Arivolahy eto Antananarivo ikambanan' ireo zanaky ny Faritra Atsimo Andrefana entina hanaovana sosialy sy fifanampiana amin'ny soa sy ny tsara ary tsy manao politika. Nomarihin'Atoa Tsifidy Kalay H. fa *"misy tetikasa hafa mety amin'ny mponina voakasiky ny tetikasa ary tsy hanimba ny fahasalamambahoaka sy ny natiora sady mety amin'ny fiainan'ny olona rehetra, satria misy rano ao Ankililaoka. Amin' izao fotoana izao, na dia tsy mbola alaina aza ny tanin'ny olona izay misy azy dia efa sahirana izy ireo. Vao mainka aza ve ka ho esorina amin' ny taniny ny olona? Iarahamahita ny zava-misy eto amin'ny firenena fa eo ny QMM, sy ny Madagascar Oil ary ny fitrandrahana terre rare. Nitondra tombontsoa ho an'ny Malagasy rehetra ve ny fisian'ireo? Tahaka izany koa no atahoranay"*, hoy hatrany ity filohan'ny FIMA ity. Tsy hisy tombontsoa ho an'ny vahoaka malagasy io tetikasa "Base Toliara" io satria ny alan'ny Mikea no hosimbaina.

Heriniaina A.

"Power initiative"

# Mampiroborobo ny fihariana tantanin'ny vehivavy Malagasy eo amin'ny tsena Amerikanina

Mampiroborobo ny fihariana sy mamporisika ny fidiran' ireo orinasa momba ny fambolena tantanin'ny vehivavy Malagasy eo amin'ny tsena Amerikanina ny "power initiative". Ny vehivavy mpandraharaha dia loharanon'ny fanavaozana, ny famoronan'asa sy fampitomboana ny harin-karena ary koa mpisehatra manandanja eo amin'ny tontolon' ny fambolena. Ny Masoivohon'i Etazonia dia miaramiasa amin'ny "American Chamber of Commerce in Madagascar" na (AmCham), hanampy ireo vehivavy Malagasy mpandraharaha miasa eo amin'ny sehatry ny fambolena hiditra eo amin'ny tsena Amerikanina. Tantanim-behivavy ny antsasany mahery amin'ireo orinasa misehatra amin'ny lafiny ara-tsakafo mpikambana ao amin'ny "AmCham Madagascar". Maro amin' ireo orinasa ireo anefa no tsy manararaotra ny fisian' ny tsena Amerikanina noho ny fahasarotan'ny fahazoana sy fanarahana ireo fenitra hentitra takiana amin' ny fanondranana entana any Etazonia.

**Findramam-bola madinika**

Hamaliana izany filàna izany dia hikarakara atrikasa ho an'ireo vehivavy mpandraharaha eto Antananarivo sy any Toamasina ary Antsirabe ny AmCham hanentanana sy hanampiana azy ireo hiditra eo amin'ny tsena Amerikanina. Ireo vehivavy mpandray anjara ireo dia hianatra ny fomba sy ny fifandraisana ilaina hampifanarahana ny paikady arabarotra ny orinasan'izy ireo sy hanatratrarana ireo mpanjifa Amerikanina. Hianatra momba ireo rafitra findramam-bola madinika sy ireo tombontsoa azo eo amin'ny sehatry ny varotra toy ny "African Growth and Opportunity Act" na (AGOA) izy ireo. Ity hetsika ity dia vatsian'ny POWER na "Providing Opportunities for Women's Economic Rise initiative", programa tohanan'ny Sampana Amerikanina misahana ny resaka varotra sy toekarena.

Heriniaina A.

**A VENDRE**

- Terrain 1are 68ca sis à Analamahitsy, bord de route
- Camion semi-remorque DAF 105 460. Très bon état. Faible kilométrage.

*Contact :* 034 60 982 03.

(G-CL 452/1)

Vidin'ny solitany

# Hanatsahatra ny fanampiana ny fanjakana

Iankianan'ny fiainan'ny mponina eny ambanivohitra ny solintany. Omaly, nanao fanambarana ny Filohan'ny Repoblika, Andry Nirina Rajoelina, fa hatsahatra ny fanampiana ataon'ny fanjakana amin'ny vidin'ny solitany. Efa niakatra 2 430 Ariary ny litatry ny solitany nanomboka ny 11 jolay tamin'ny herintaona. Ahiana mbola hiakatra ny vidiny araka izany. Manamafy izany ny fanazavana nentin'ny Minisitry ny angovo sy ny akoranafo, Solo Andriamanampisoa, fa na dia efa nampiakarina aza ny vidin'ny solika teto Madagasikara dia mbola tsy ny vidiny tena izy no mihatra eto amintsika. Misy mampiasa amin'ny fandrahoan-tsakafo, saingy ampiasaina amin'ny jiro manazava ny ao an-trano no tena ilain'ny mponina ambanivohitra ny solitany. Anisan'ny antony nahatonga ny fanajakana nandray ity fanapahan-kevitra ity ny firosoana amin'ny tetikasa fanapariahana "Kit solaire" ho an'ny fianakaviana 1 tapitrisa manerana ny Nosy mba hialana amin'ny fampiasana solitany sy labozia, izay mety hitarika fahasemporana sy hain-trano. Araka ny nambaran'ity minisitra ity dia mandany eo amin'ny 10 000 Ariary isambolana ny tokatrano iray mampiasa solitany, kanefa 5 000 Ariary isam-bola mandritra ny 18 volana no aloan'ireo misitraka ny "Kit solaire" dia mijanona ho fananany ny fitaovana rehetra aorian'izany.

R. Muray

Vehivavy Star

# Toerana 13 manerana ny Nosy nanaovana asa sosialy

Niavaka ny fanamarihana ny fankalazana ny 8 martsa 2023 ho an'ireo vehivavy mpiara-miasa eo anivon'ny Star. Samy nanatanteraka asa sosialy teny anivon'ireo toerana 13 manerana ny Nosy misy ny toeram-piasana Star izy ireo. Nisitraka izany ireo vehivavy sy zaza avy amin'ny fikambanana, fianarana, hopitaly sy ny maro hafa. Nofidiana araky ny filàn'ny mpisitraka ny fanomezana nentina tamin'izany. Anisan'izany ny milina fanjairana ho an'ny fikambanan'ny vehivavy mpanao asa tanana any Nosy Be ; fanafody sy fitaovana fiarovàna (EPI) ho an'ny tobimpahasalamana hita any Antsiranana, fitaovam-pitsaboana ho an'ny zazakely (nébuliseurs) sy fitaovana fiarovana (EPI) ho an'ny CHRD Ambanja ; fanampiana ara-tsakafo sy rano ho an'ny ankizy tao amin'ny « Centre Social Sainte Catherine Labourré » tao Ihosy. Nomena fanampiana aratsakafo sy rano ireo vehivavy voafonja ao Ambatolampy ; fitaovana ho an'ny tera-bao, sy fitaovana fidiovana ho an'ny vehivavy ary fitaovana fiarovàna ho an'ny klinika « Saint Jean » tany Andranovelona ; fanampiana ara-tsakafo sy rano ho an'ireo zokiolona marefo sy zaza tsy ampy sakafo avy amin'ny trano Fitiavana tao Fianarantsoa. Teto Antananarivo, nisy ny fizarana boky misy angano sy rano ho an'ny zazakely sy ankizy avy amin'ny sampana mitsabo ny zaza sy ny ankizy (service pédiatrique) ao amin'ny CHU Befelatanana, izay niaraha-niasa tamin'ny Compassion Madagascar sy fizarana fitaovam-pianarana sy tohanaina ho an'ireo ankizy mpianatra tao amin'ny EPP Maibahoaka Talatamaty.

Nath

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél.: 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

D.L.I.: 15 980 - 03 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

**Baranjely sy korizety**

**Ireo zavatra ilaina** : baranjely antsasakilao, korizety antsasakilao, voatabiha telo voatetika, tongolo oignon hasiny efatra voatetika, ahitra manitra roa sotro, poavrao iray voatetika, menaka telo sotro, sira.

**Fomba fikarakarana azy** : sasana ny baranjely sy ny korizety dia andrahoina amin' ny entona. Endandasina ny voatabiha , tongolo oignon, ahitra manitra ary ny poavrao dia asiana sira. Rehefa masaka ny baranjely sy ny korizety dia tetehina ary asiana sira ihany koa. Afangaro amin'ny lasaosy eo ambony. Rehefa maty ny afo dia arotsaka ny tongolo gasy ary afangaro tsara.